# Lesona 2: Ny Teny Ny Amin'ny Hazo Fijaliana

## A. Ny ivon'ny asa fanompoan'i Paoly tao Korinto

1. 1 Korintiana 1:17-18; 2:2
2. Inona no fahasamihafan'ny ivon'ny asa fanompoan'i Paoly tao Korinto raha oharina amin'ny tao Atena? (Asa 17:16-33)
3. Inona no teny ny amin'ny hazo fijaliana noresahin'i Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 1:17-18? Lioka 23:26-47; 1 Petera 2:21-24; Jaona 3:16; Romana 6:23; sns.
4. "Filazantsara" (vaovao tsara) no ilazan'i Paoly io hafatra io. Nahoana no vaovao tsara ny hafatry ny hazo fijaliana?

## B. Fahadalana ho an'izay very

1. 1 Korintiana 1:18a Nahoana no fahadalana ho an’izay ho very ny hafatry ny hazo fijaliana? (jereo koa ny 1 Korintiana 2:14)
2. 1 Korintiana 1:22-23 Nahoana no vato manafitohina ny Jiosy ny fiheverana ny Mesia vonoina eo amin’ny hazo fijaliana? (Deoteronomia 21:22-23)
3. Inona no avalinao ny olona iray milaza hoe: “Tsy hitako izay ifandraisan’ny fahafatesan’ny mpandrafitra Jiosy iray teo amin’ny hazo fijaliana romana amin’ny fiainako ankehitriny”?

## D. Ny herin'Andriamanitra ho an'ireo izay voavonjy

1. 1 Korintiana 1:18 Ahoana no maha-herin'Andriamanitra ho an'izay hovonjena ny hafatry ny hazo fijaliana?
2. Nahoana no zava-dehibe ny mitadidy fa tsy miezaka hamonjy ny tenantsika isika fa "voavonjy"? Efesiana 2:8-9
3. Inona no fahagagana mety hitranga amin'ireo izay manaiky izay nataon'i Jesosy tamin'ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana? Kolosiana 1:13-14
4. Iza no nanampy anao hahatakatra bebe kokoa izay notanterahin'i Jesosy ho anao teo amin'ny hazo fijaliana?
5. Oviana ianao no nanaiky an'i Jesosy ho Mpamonjy ny tenanao ary nisaotra Azy noho izay notanterahiny ho anao teo amin'ny hazo fijaliana?
6. Ahoana no nitomboan'ny fankasitrahanao ny hafatry ny hazo fijaliana hatramin'ny nanekenao voalohany an'i Jesosy ho Mpamonjy ny tenanao manokana?
7. Inona no valinteninao amin'ny fanambarana nataon'i Paoly voarakitra ao amin'ny Galatiana 6:14?

## E. Ny fahendren'Andriamanitra

1. 1 Korintiana 1:19-31 Inona no mahasamihafa ny fahendren'Andriamanitra amin'ny fahendren'izao tontolo izao? (jereo koa ny Jeremia 9:23-24)
2. Ahoana no nanehoana tanteraka ny fahendren'Andriamanitra? 1 Korintiana 1:24, 30, Jaona 14:8-9
3. Inona koa no naseho momba an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fiainan'i Jesosy sy ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana?
4. Inona no fomba mahomby indrindra hizarana io fahendren'Andriamanitra io amin'ireo izay mihevitra ny hafatry ny hazo fijaliana ho fahadalana?